# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Februoary 2019

## 3 **Alahady** februoary

**Jesosy nasainy *(nasain'i Pilato)* nokapohina, dia natolony azy mba hohomboana amin'ny hazofijaliana... Ary dia... nandrandrana satroka tsilo, ka nasatrony ny lohany... izy... Ary dia nikapoka ny lohany tamin'ny volotara izy sady nandrora Azy... Ary rehefa nanao Azy ho fihomehezana izy, dia... nentiny hohomboany amin'ny hazofijaliana Izy.**
Marka 15. 15-20

### Eo akaikin'ny hazofijalianao

*Eo akaikin'ny hazofijalianao, ry Tompo, ry Mpampianatro,*
*Tariho hankeo ny diako*
*Mba hanakaiky, mba hahafantatra bebe kokoa*
*Ilay Fitiavana nanolotra ny tenany hamonjy ahy.*
*Tao Golgota ilay Fitiavana nandresy*
*No nahakasika ny foko ho mandrakizay.*

*Ary raha torotoro noho ny fahoriana aho,*
*Ka lavo indraindray,*
*Dia velona indray, feno fanantenana,*
*Eo akaikin'ny hazofijalianao, ry Mpamonjiko !*

*Ary io hazofijaliana io dia manatsotra ny sandriny*
*Lavidavitra kokoa hatrany, ho an'ny olona rehetra,*
*Ka avy any rehetra any dia misy feo mamaly*
*Io antson'Andriamanitra mitaona mafy io.*
*Tao Golgota ilay Fitiavana mahery*
*No nandresy ny fahafatesana, nanomboka hatreo.*

*Maurice Budry*

„Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika" (Romana 8. 38-39).